



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivaviana - Tahindrazana - Fandriana



REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA
TAONA 2019

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-4

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA AMIN'NY HANEMORANA NY FIFIDIANANA IREO
FILOHAN'NY VAOMIERA MAHARITRA ETO AMIN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-4
Natao ny
Zoma 19 Jolay 2019
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: -Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré
-Ramatoa ANGELE Solange

FOTOANA: Zoma 19 Jolay, tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hanemorana ny fifidianana ireo Filohan'ny Vaomiera Maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena.

Nitohy ny Zoma 19 Jolay 2019, tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivoriana manokan'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha, nambarany fa mety hahemotra ny Alatsinainy 22 Jolay 2019 ny fifidianana ireo «Présidents des Commissions Permanentes» sy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Vola sy ny Fitatanam-bola eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nanamarika izy, fa mety hisy fivoriana tsy ara-potoana kanefa miankina amin'ny Filankevitry ny Minisitry ny momba izany.

Nambarany koa fa hisy fiaraha-misakafo hataon'ny Solombavambahoaka eny amin'ny « Espace La Villa Verte », Ambatomirahavavy, ny Talata 23 Jolay 2019, atoandro.

Rehefa izany, nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nanao satroka, ka nomena fitenenana izy ireo.

Nilaza Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, fa tokony hasiam-panitsiana ny fomba fiasa ato amin'ny Antenimierampirenena; tsangan-tànana hatrany no atao ato amintsika raha misy fanovàna fandaharam-potoana tiana hatao. Nohamafisiny fa hatramin'izay, tsy mivory isika ny Alatsinainy satria maro ireo Solombavambahoaka manao fitsidihana any amin'ny Distrika nahavoafidy azy rehefa mifarana ny herinandro ka tsy mahatratra io andro io.

Nangataka Andriamatoa RAKOTOSON Hubert, fa tsy afaka mamonjy fivoriana izy isaky ny Zoma satria Silamo, andro fivavahana izany ka tsy maintsy mandeha mivavaka ry zareo.

Nilaza Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, fa manamafy ny voalazan-dRamatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, mbola eny andalana hamonjy ny toeram-pivoriana eto Tsimbazaza ny Solombavabahoaka ny Alatsinainy satria nody tany aminy ny Zoma. Noho izany, mangataka raha azo atao mba hatokana ho andro tsy hanaovana fivoriana eto amin'ny Antenimierampirenena io fotoana io.

Nanamarika kosa Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, fa mety aminy na inona na inona andro ivoriana; raha samy hangataka daholo ny Solombavambahoaka, angamba tsy hisy fivoriana hatao intsony ato amintsika.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ireo sosokevitra natolotry ny Solombavambahoaka teo ireo.

Sosokevitra roa no nipoitra teo: tao no nilaza ho an'ny Silamo, fa andro fivavahana ho azy ny Zoma, andro hialany eto Antananarivo hitsidihany ny toerana niaviany koa io andro io ho an'ny hafa; tao ny nanambara, fa efa fanao hatramin'izay ny tsy fanaovana fivoriana isaky ny Alatsinainy. Izany hoe ny Zoma no handraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 66 no nanaiky fa hatao andro hivoriana ny Zoma.

Solombavambahoaka miisa 28 no nitsipaka fa tsy hivoriana io andro io.

Solombavambahoaka miisa 5 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa natao ho andro hivoriana ny Zoma.

Teo ampamaranana, tapaky ny fivoriambe fa tsy hivoriana ny Alatsinainy araka ny sosokevitry ireo Solombavambahoaka nanao satroka teo aloha.

Nilaza koa Ramatoa Filoha, fa tsy iharan'ny famaizana araka ny andininy ao amin'ny Fitsipika Anaty ireo Solombavambahoaka mamonjy fivavahana ny Zoma satria afaka mametraka taratasy fialan-tsiny momba izany izy ireo.

Noho izany, hahemotra ny Talata 23 Jolay 2019, amin'ny 10 ora, maraina, ny fifidianana ireo Filohan'ny Vaomiera Maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena. Ny Alarobia 24 Jolay 2019, atoandro, kosa no hanatanterahana ny fiaraha-misakafon'ny Solombavambahoaka eny amin'ny « Espace La Villa Verte », Ambatomirahavavy

Niato tamin'ny 5 ora sy 5 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona